REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana-Fahafahana

--------

MINISTERE DE LA PRODUCTION AGRICOLE
ET DU PATRIMOINE FONCIER

--------

# TEXTES LEGISLATIFS AUE

## VOLUME I

**TEXTES LEGISLATIFS REGLEMENTANT LA GESTION, L'ENTRETIEN, LA POLICE DES RESEAUX HYDROAGRICOLES**

- loi 90-016 du 20 Juillet 1990
- Décret 90-642 du 19 Décembre 1990
- Cahier des Charges de Prescriptions Générales (Arrêté 0290/91 MinAgri du 18 Janvier 1991).

EDITION BILINGUE

AIR - 02/91

projet PPI

RD. PPi. ODR
8 IV 91.

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana-Fahafahana

-------

MINISTERE DE LA PRODUCTION AGRICOLE
ET DU PATRIMOINE FONCIER

-------

# TEXTES LEGISLATIFS AUE

## VOLUME I

TEXTES LEGISLATIFS REGLEMENTANT LA GESTION, L'ENTRETIEN, LA POLICE DES RESEAUX HYDROAGRICOLES

- loi 90-016 du 20 Juillet 1990
- Décret 90-642 du 19 Décembre 1990
- Cahier des Charges de Prescriptions Générales (Arrêté 0290/91 MinAgri du 18 Janvier 1991).

EDITION BILINGUE

AIR - 02/91

projet PPI

| TEXTES LEGISLATIFS REGLEMENTANT LA GESTION, L'ENTRETIEN ET LA POLICE DES RESAUX HYDROAGRICOLES | DIDY AMAN-DALANA MANISY FITSIPIKA MOMBAN'NY FANDAHARANA SY FITANTANANA ARY NY FITANDREMANA NY TAMBAJOTRA FITARIHAN-DRANO AMIN'NY FAMBOLENA |
|---|---|

SOMMAIRE / SAVARANON'ANDO


Page/Pe.iv

1- Loi n°90-016 du 20 Juillet 1990 ... 1

2- Lalàna Laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 ... 8

3- Décret n°90-642 du 19 Décembre 1990 ... 14

4- Didim-panjakana Laharana faha 90-642 tamin'ny 19 Desambra 1990 ... 19

5- Cahier des Charges de Prescriptions Générales ... 24

6- Bokin'Andraikitra mahafaobe ... 30

7- Arrêté n°0290/91 du 18 Janvier 1991 portant établissement et approbation du Cahier des Charges de Prescriptions Générales ... 37

8- Didim-pitondrana Laharana faha 0290/91 tamin'ny 18 Janoary 1991 ananganana sy anekena ny Bokin'Andraikitra mahafaobe. ... 38

# LOI N° 90-016

relative à la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles

L'Assemblée nationale populaire a adopté,
Le Président de la République Démocratique de Madagascar promulgue, la loi dont la teneur suit :

## TITRE PREMIER

## DES RESEAUX HYDROAGRICOLES

<u>Article premier.</u> - La présente loi régit les réseaux hydroagricoles et tous les travaux et ouvrages d'infrastructures contribuant à l'aménagement et la mise en valeur des terres desservies par ceux-ci.

Sont compris dans cette définition tous les réseaux hydroagricoles, quels que soient les modes et les sources de financement.

## TITRE II

## DE LA GESTION DES RESEAUX

<u>Art. 2.</u> - La gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles sont assurés par une structure d'opération dotée de la personalité morale et de l'autonomie financière. La structure d'opération est composée des personnes (dénommés "usagers") cultivant les terres bénéficiant des infrastructures visées à l'article premier.

Le régime juridique de la structure d'opération est celui d'une association à but non lucratif ou d'une coopérative.

Pour assurer ces fonctions de gestion, entretien et police des réseaux, les membres de la structure d'opération élaborent un "Dina".

La tutelle de cette structure d'opération sera assurée conformément aux textes réglementaires régissant ces différentes structures.

Au cas ou une structure d'opération n'a pas été créée, la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles reviennent à la Collectivité décentralisée dont le territoire englobe la totalité des terres desservies par les infrastructures visées à l'article premier.

TITRE III

## DE L'ENTRETIEN

Art. 3. - La structure d'opération doit assurer le financement de l'entretien des infrastructures définies à l'article premier. A cet effet, elle perçoit auprès des usagers les sommes permettant de couvrir les frais d'entretien de ces infrastructures.

Art. 4. - Les usagers sont tenus au règlement des frais d'entretien définis à l'article 3. Ces frais sont perçus pendant un délai contractuel fixé par la structure d'opération. Ils peuvent être versés en nature ou en espèce.

Art. 5. - Les usagers qui ne se sont pas acquittés convenablement de ces frais dans le délai fixé seront passibles des sanctions prévues dans les conventions fixées au Dina de la structure d'opération et en dernier recours, devant le tribunal, la saisie sur récolte ou toute autre sanction pourra être prononcée.

Art. 6. - Les frais d'entretien des réseaux hydroagricoles sont déterminés à partir des coûts réels d'entretien des ouvrages.

Un décret en conseil des Ministres fixera les modalités de calcul et de financement de ces frais.

Le montant des frais d'entretien sera arrêté annuellement par l'organe exécutif de la structure d'opération.

Le recouvrement de ces frais est à la charge de la structure d'opération.

Ils sont recouvrés selon une procédure similaire à celle appliquée pour les contributions directes et définie dans le cahier des charges de prescriptions générales.

Le produit du recouvrement est versé dans un compte bancaire ou un compte postal ouvert au nom de la structure d'opération, et est mobilisable d'ordre de l'organe exécutif de la structure d'opération.

Il est géré par l'organe exécutif de la structure d'opération.

En cas de nécessité, la structure d'opération peut faire appel à d'autres organismes pour l'aider au recouvrement ; sans toutefois recourir à l'usage de la Force publique sauf dans le cadre de l'application d'une délégation judiciaire dans les formes réglementaires.

Art. 7. - Les usagers sont tenus de participer aux travaux d'entretien décidés par la structure d'opération, selon le calendrier et les modalités définis par celle-ci.

Art. 8. - Les travaux d'entretien et de maintenance ainsi que le contrôle et la sécurité des barrages et des ouvrages annexes des réseaux dont les contraintes de gestion dépassent les capacités techniques et financières de la structure d'opération pourront être prise en charge par l'Etat. La prise en charge sera fixée par arrêté du Ministre chargé de l'Agriculture.

Art. 9. - L'Etat prévoit chaque année un financement mobilisable en cas de dégâts cycloniques ou autres calamités pour aider les structures d'opération à remettre en état les parties sinistrées.

## TITRE IV

## DE LA POLICE GENERALE DES RESEAUX - PENALITES

Art. 10. - La structure d'opération peut avant tout procès judiciaire prendre toutes les mesures nécessaires pour appliquer les dispositions prévues dans le DINA et réparer les dommages résultant des infractions ci-après :

1. Les cessions d'eau d'irrigation entre les usagers ;

2. Le passage à gué des canaux par les personnes en dehors des emplacements prévus à cet effet ;

3. Le fait de naviguer sur les canaux ou d'y laisser voguer ou d'y amarrer des embarcations, sauf autorisation spéciale de la structure d'opération ;

4. Le fait de faire paître ou de laisser divaguer toutes espèces de bétail sur les talus, remblais, déblais, banquettes, fossés, et autres terrains dépendant des canaux lorsqu'il n'y a pas eu dégâts causés aux installations ou toute autre action pouvant causer la dégradation des réseaux ;

5. Le fait d'établir ou de planter sans autorisation préalable et spéciale des clôtures de quelque genre que ce soit à moins de

quatre mètres du pied des remblais ou déblais des canaux. L'arrachage des plantations ou l'enlèvement des clôtures pourra, en outre être ordonné par le tribunal compétent ;

6. La pêche au filet, la pose de nasses, l'établissement de barrages pour piéger les poissons, sauf autorisation spéciale ;

7. Le fait de dériver des eaux ou de les puiser à l'aide des machines ou de les utiliser pour la production de force motrice, sauf autorisation spéciale ;

8. Le fait de construire une nouvelle prise sur les canaux primaires, secondaires ou tertiaires sans autorisation ;

9. Le fait de déverser des eaux infectes ou nuisibles dans les canaux, notamment l'écoulement des eaux usées en provenance des usines sans autorisation et traitement préalable ;

10. Le dépôt comme l'extraction des matériaux en général ;

11. Le dépôt dans les canaux de matières immondes, nuisibles ou encombrantes ;

12. Le fait prévu au 4e du présent article s'il y a dégâts causés aux infrastructures ;

13. Le passage à gué des animaux en dehors des emplacements prévus à cet effet ;

14. La circulation des véhicules à traction animale ou motorisée sur les digues ou les banquettes des canaux sans autorisation ;

15. La manipulation sans autorisation de tout matériel hydromécanique ;

16. Le fait d'avoir creusé les canaux, de les avoir curés, d'avoir effectué dans leur lit quelque travail que ce soit, d'avoir enlevé les terres des bordures ou d'y avoir pratiqué des coupures, sans autorisation ;

17. Le fait d'avoir détérioré ou endommagé les eaux, aqueducs, digues, barrages, banquettes, écluses, vannes, prises, et l'ensemble de tous les ouvrages d'art et travaux qui en sont les accessoires indispensables ;

18. Le fait d'avoir érigé des constructions pour abri humain (même provisoire) sur les ouvrages hydroagricoles protégés.

Art. 11. - Les auteurs de ces infractions qui ne s'exécutent pas dans les conditions et délais fixés dans le "Dina"de la structure d'opération seront passibles des peines ci-après ;

- emprisonnement de six jours à vingt-neuf jours et amende de 5 000 à 25 000 FMG, ou de l'une de ces deux peines seulement pour les infractions prévues aux alinéas 1 à 7 de l'article 10 ;

- emprisonnement d'un mois à 2 mois et amende de 25 000 à 40 000 FMG, ou de l'une de ces deux peines seulement pour les infractions prévues aux alinéas 8 à 14 de l'article 10 ;

- emprisonnement de un mois à un an et amende de 50 000 à 300 000 FMG, ou de l'une de ces deux peines seulement pour les infractions prévues à l'alinéa 15 de l'article 10 ;

- emprisonnement de un mois à trois ans et amende de 100 000 à 1 000 000 FMG ou de l'une de ces deux peines seulement pour les infractions prévues aux alinéas 16 à 18 de l'article 10 ;

Art. 12. - La structure d'opération peut ester en justice tant en défendeur que demandeur.

## PROCEDURE

Art. 13. - Sont habilités à verbaliser les infractions :

- les agents du ministère chargé de l'Agriculture désignés conformément aux dispositions de l'article 19 de l'ordonnance n°76-019 du 24 mai 1976 et ses textes modificatifs ;

- les officiers de police judiciaire.

Art. 14. - Les agents verbalisateurs ne peuvent entrer en fonction qu'après avoir prêté serment devant le tribunal.

Art. 15. - Les agents verbalisateurs ont la faculté de se pourvoir en cassation dans les conditions fixées pour l'exercice de cette voie de recours.

## TITRE V

## DU TRANSFERT DE GERANCE DES INFRASTRUCTURES

Art. 16. - Pour permettre à la structure d'opération d'assurer la gestion et l'entretien du réseau hydroagricole, la gérance des infrastructures visées à l'article premier lui sera confiée.

Art. 17. - Le ministère charge du Domaine public fixera la procédure générale de ce transfert de gérance par Arrêté.

## TITRE VI

## DISPOSITIONS DIVERSES

Art. 18. - Un décret en conseil des Ministres précisera en tant que de besoin les dispositions de la présente loi.

Art. 19. - Toutes dispositions législatives et règlementaires contraires à celles de la présente loi sont et demeurent abrogées, en particulier les dispositions de l'ordonnance modifiée n°81-026 du 22 décembre 1981.

Art. 20. - La présente loi sera publiée au "Journal officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 20 juillet 1990

Didier RATSIRAKA.

# LALANA LAHARANA FAHA-90-016

mikasika ny fitantanana, fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena

Ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no nandany,
Ny Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy no mamoaka hampanan-kery, ny lalàna izay toy izao ny andinindininy :

## FIZARANA VOALOHANY

## MOMBA NY TAMBAJOTRAN'NY FITARIHAN-DRANO AMIN'NY FAMBOLENA

Andininy voalohany. - Izao lalàna izao no mifehy ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena sy ireo fotodrafitrasa rehetra mandray anjara amin'ny fanajariana sy ny fanamaintisamolaly ny tany andalovan'izy ireo.

Tafiditra ao anatin'io famaritana io ny tambajotra rehetra momba ny fitarihan-drano amin'ny fambolena, na inona na inona fomba enti-mamatsy izany ara-bola sy ny nihavian'izany vola izany.

## FIZARANA FAHA-II

## MOMBA NY FITANTANANA NY TAMBAJOTRA

And. 2. - Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa izay mizaka ny zon'ny maha-olona sy mahavita-tena ara-bola no hiandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihin-drano. Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia ahitana olona (atao hoe : "mpampiasa ny tambajotra") izay mamboly ka mahazo tombotsoa amin'ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany.

Ny fitsipika araka ny lalàna iorenan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, dia atao mitovy amin'ny fitsipika mifehy fikambanana izay tsy andraisam-bola na farimbonasa iray.

Mba ahazoana manatanteraka ny asam-pitantanana, fikojakojana ary fitandremana ny fitarihan-drano, ny mpikambana ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia tokony hanangana Dina iray.

Ny fiahiana io rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa io dia ho tanterahina araka ny rijan-teny manan-kery mifehy ireo rafitra samihafa ireo.

Raha tahiny ka misy rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa tsy tafatsangana, dia ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay

ahitana ny tany rehetra andalovan'ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany no miandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tambajotran'ny fitarihin-drano amin'ny fambolena.

FIZARANA FAHA-III

MOMBA NY FIKOJAKOJANA

And. 3. - Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia tokony hisahana ny famatsiam-bola amin'ny fikojakojana ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany. Amin'izany, dia horaisiny avy amin'ireo mpampiasa tambajotra ny vola izay azo andoavana ny fikojakojana ireo fotodrafitrasa ireo.

And. 4. - Tsy maintsy mandoa ny saram-pikojakojana voalaza ao amin'ny andininy faha-3 ny mpampiasa tambajotra. Izany sarany izany dia aloa ao anatin'ny fe-potoana nifanekena noferan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa. Azo aloa atao lahasana na atao lelavola ny fanonerana ny sarany.

And. 5. - Ireo mpampiasa ny tambajotra izay tsy mahaloa ara-dalàna ny sarany tokony haloany ao anatin'ny fe-potoana voafetra dia mety hiharan'ny sazy voalaza ao amin'ny fifanarahana voasoritra ao amin'ny Dinan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ary amin'ny faraheriny, any amin'ny fitsarana ny fanagejana ny vokatra na sazy hafa mety hampiharina.

And. 6. - Ny saram-pikojakojana ny tambajotran'ny fitarihin-drano amin'ny fambolena dia hoferana araka ny tetin'ny fikojakojana ny fitaovana.

Didim-panjakana atao eo am-pivorian'ny Minisitra no hametra ny fombafomba fikajiana sy famatsiana ara-bola ireo sarany ireo.

Ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no hametra isan-taona ny tetin'ny saram-pikojakojana.

Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no hiandraikitra ny fanangonana ireo sarany ireo.

Hotakiana araka ny fomba fanao amin'ny fitakiana hetra mivantana izy ireo, ary hoferana ao amin'ny bokin'andraikitry ny fepetra ankapobe.

Ny vola notakiana dia harotsaka ao amin'ny kaontin'ny banky iray na kaontin'ny paositra iray izay nosokafana amin'ny anaran'ny rafi-pandaminana, ary azo hampiasaina rehefa nahazo baiko avy amin'ny rantsana mpanatanteraky ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny rafi-pandaminana ny mitantana azy.

Raha ilaina, dia azon'ny rafi-pandaminana atao ny miantso rantsana hafa hanampy azy amin'ny fitakiana ny vola ; kanefa dia tsy ampiasaina herim-panjakana izany afa-tsy amin'ny fampiharana fanomezam-pahefana avy amin'ny fitsarana natao araka ny didy amam-pitsipika.

And. 7. - Ny mpampiàsa tambajotra dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny asa fikojakojana izay notapahin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, araka ny tetiandro sy ny fepetra nataony.

And. 8. - Ny asa momba ny fikojakojana sy ny fikajiana ary koa ny fanaraha-maso sy ny fiarovana ny toho-drano sy ny taozavatra atovana ny fitarihan-drano izay mihoatra ny fahefan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, ny fitantanana, ny fahaizana ara-teknika sy ara-pitantanam-bola dia azon'ny Fanjakana raisina ny andraikitra momba an'izany. Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra mikarakara ny Fambolena no hamaritra izany andraikitra izany.

And. 9. - Isan-taona ny Fanjakana dia manomana vola azo raisina avy hatrany raha misy ny voinan'ny rivo-doza na voina hafa voajanahary, mba hanampiana ny rafi-pandaminana hanarenany ny faritra tra-boina.

FIZARANA FAHA-IV

MOMBA NY FITANDREMANA ANKAPOBE NY TAMBAJOTRA SAZY

And. 10. - Azon'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa atao alohan'ny hitondrana ny raharaha eo amin'ny fitsarana ny mampihatra ny fepetra voalaza ao ami'ny Dina sy manamboatra ny simba noho ny fandikan-dalàna manaraka ireto :

1. Ny fanapahana ny fifanomezana rano amin'ny samy mpampiasa tambajotra ;

2. Ny fitsakan'ny olona amin'ny lakan-drano ivelan'ny toerana notondroina amin'izany ;

3. Ny fandehanana amin'ny lakana eny amin'ny lakan-drano na ny famelana lakana hivezivezy na hiantsona eny raha tsy nahazoan-dalàna manokana avy amin'ny rafi-pandaminana ;

4. Ny fampiraofana ahitra ny karazam-biby rehetra na ny famelana azy ireny hivezivezy eny amin'ny fisolampy, tany nototofana, tany nesorina, tahalaka, lavaka na tany hafa miankina amin'ny lakan-drano raha tsy misy fahasimbana nihatra tamin'ny zava-

mioina, ary izay zavatra rehetra mety hitera-pahavoazana eo amin'ny tambajotra ;

5. Ny fananganana na ny fanatsatohana, nefa tsy nahazoan-dalàna mialoha sady manokana, fefy na toy inona na toy inona karazany latsaka ny efatra metatra hatreo amin'ny fototry ny tany nototofana na nesorina tamin'ny lakan-drano. Azon'ny fitsarana mahefa atao, ankoatra izany, ny mandidy ny fanongotana na ny fanesorana ny fefy ;

6. Ny fanaratoana, ny fametrahana vovo, ny fananganana toho-drano mba hamandrihana trondro, raha tsy nahazoana fahazoan-dalàna manokana ;

7. Ny fanovàna ny lalan'ny rano na ny fanovozana amin'ny alalan'ny milina na koa amin'ny fampiasana ny rano mba ahazoana angovo, raha tsy nahazoan-dalana manokana ;

8. Ny fananganana fitarihan-drano vaovao eo amin'ny lakan-drano kilasy voalohany, faharoa na fahatelo nefa tsy nahazoan-dalàna.

9. Ny fandefasana rano maloto na manimba ny fahasalamana ao anatin'ny lakan-drano indrindra ny fampikorianana rano maloto avy any amin'ny ozinina nefa tsy nahazoan-dalàna na nasiam-panafody mialoha.

10. Ny fametrahana na ny fanalana ny fitaovana rehetra amin'ny ankapobeny ;

11. Ny fametrahana ao anatin'ny lakan-drano poti-javatra maloto, manimba na mameno toerana ;

12. Ny fahavoazana voalazan'ny faha-4 ao amin'ity andininy ity raha misy fahasimbana eo amin'ny fotodrafitrasa ;

13. Ny fitsakan'ireo biby fiompy eny ivelan'ny làlana voatondro ho amin'izany ;

14. Nyfandehanan'ireo fiara tarihim-biby na fiarakodia eny amin'ny fefiloha na tahalaky ny lakan-drano nefa tsy nahazoan-dàlana ;

15. Ny fampiasana tsy nahazoan-dàlana ireo fitaovana mikasika ny fitarihan-drano ;

16. Ny fandavahana ny lakan-drano, fandoarana fotaka, fanaovana asa na inona na inona ao anatin'ny lakan-drano, fakana tany eny amorony na koa ny fanapahana ny rano nefa tsy nahazoan-dàlana ;

17. Ny fanimbana na fanaovan-javatra mahasimba ny tatatra, ny tetezana itarihan-drano, fefiloha, tohodrano, tahalaka, vavarano, vovo fisarihan-drano. ny fitambaran'ny fitaovana rehetra asa voakaly sy lahasa fanampiny tena ilaina ;

18. Ny fanorenana trano fialokalofana ho an'ny olona (na dia

vonjimaika aza) eny amin'ireo asa fitarihan-drano amin'ny fambolena arovana.

And. 11. - Ny olona mandika lalàna ka minia tsy manatanteraka izany araka ny fepetra sy fe-potoana voatondro ao amin'ny Dinan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia hosazina toy izao manaraka izao :

- Fampidirana an-tranomaizina 6 ka hatramin'ny 29 andro sy handoa onitra arivo ka hatramin'ny dimy arivo Ariary, na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, momba ireo fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana voalohany ka hatramin'ny faha-7 ao amin'ny andininy faha-10 ;

- Fampidirana an-tranomaizina folo andro ka hatramin'ny roa volana sy fandoavana onitra telo arivo ka hatramin'ny valo arivo Ariary, na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, momba ireo fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana faha-8 ka hatramin'ny faha-14 ao amin'ny andininy faha-10 ;

- Fampidirana an-tranomaizina iray volana ka hatramin'ny herintaona sy fandoavana onitra iray alina ka hatramin'ny enina alina na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, momba ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana faha-15 ao amin'ny andininy faha-10 ;

- Fampidirana an-tranomaizina iray volana ka hatramin'ny telo taona sy fandoavana onitra roa alina ka hatramin'ny roa hetsy na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo momba ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana faha-16 ka hatramin'ny faha-18 ao amin'ny andininy faha-10.

And. 12. - Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia mahazo manao fampakaran-draharaha any amin'ny fitsarana ka na torina izy amin'izany na mpitory.

PAIK'ADY

And. 13. - Omem-pahefana hizaha fototra ny fandikana lalàna :

- ny mpandraharaha ao amin'ny minisitera miandraikitra ny Fambolena izay notendrena araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-19 amin'ny hitsivolana laharana faha-76-019 tamin'ny 14 mey 1976 sy ireo rijan-teny nanovàna azy ;

- ireo "officiers de police judiciaire".

And. 14. - Ny mpandraharaha mpizaha fototra ny fandikan-dalàna dia tsy afaka mandray ny asany raha tsy efa nanao fianianana teo anatrehan'ny fitsarana.

And. 15. - Ny mpandraharaha mpizaha fototra dia mahazo manao fampakaran-draharaha ho tapahin'ny fitsarana tampony araka ny fepetra ahazoana manao io fampakaran-draharaha io.

FIZARANA FAHA-V

MOMBA NY FAMINDRANA NY FITANTANANA NY FOTODRAFITRASA

And. 16. - Mba ahafahan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa misahana ny fitantanana sy ny fikojakojana ny tambajotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena dia omena hiandraiketany ny fitantanana ny fotodrafitrasa voalaza ao amin'ny andininy voalohany.

And. 17. - Ny minisitera miandraikitra ny Fananam-panjakana no hametra ny fombafomba rehetra hanaovana ny famindrana ny fitantanana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana.

FIZARANA FAHA-VI

FEPETRA SAMIHAFA

And. 18. - Didim-panjakana atao eo am-pivorian'ny Minisitra, raha ilaina, no hanoritana ny fepetra soritan'izao lalàna izao.

And. 19. - Foanana ary dia foana ireo didy aman-dalàna mifanohitra amin'izao, fa indrindra ny fepetra voalaza ao amin'ny hitsivolana laharana faha-81-026 tamin'ny 22 desambra 1981.

And. 20. - Havoaka amin'ny "Gazetim-panjakan'ny" Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery Antananarivo, ny 20 jolay 1990.

Didier RATSIRAKA

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana-Fahafahana

MINISTERE DE LA PRODUCTION AGRICOLE
ET DU PATRIMOINE FONCIER

DECRET N° 90 - 642
portant application de la loi N°90-016 du 20 Juillet 1990 réglementant la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE DEMOCRATIQUE DE MADAGASCAR

Vu la Constitution,
Vu la Loi N°90-016 du 20 Juillet 1990 réglementant la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles,
Vu la Loi N°61-034 du 15 Novembre 1961 portant règlementation de la réalisation des travaux exécutés par les particuliers en vue de l'irrigation des rizières et terrains de cultures,
Vu l'Ordonnance modifiée N°60-099 du 21 Septembre 1960 sur le domaine public de l'Etat,
Vu l'Ordonnance N°76-044 du 27 décembre 1976 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des Collectivités Décentralisées,
Vu l'Ordonnance N°60-133 du 3 Octobre 1960 portant régime général des Associations,
Vu l'Ordonnance N°77-039 du 29 Juin 1977 portant Charte des Coopératives Socialistes de production,
Vu le Decret N°77-037 du 16 Février 1977 fixant les règles de fonctionnement administratif, les attributions et les responsabilités des Collectivités Décentralisées,

D E C R E T E :

## TITRE PREMIER

## DES RESEAUX HYDROAGRICOLES ET DE LEURS USAGERS

Article premier : Sont dénommés réseaux hydroagricoles régis par le présent décret tous travaux et ouvrages d'infrastructure hydroagricole contribuant à l'aménagement et à la mise en valeur des terres, à savoir :

- les ouvrages d'art et travaux relatifs à l'irrigation
- les ouvrages d'art et travaux relatifs au drainage
- les ouvrages d'art et travaux relatifs aux digues et pistes d'exploitation

Article 2 : Sont dénommés usagers au sens de l'article 2 de la Loi toutes les personnes cultivant les terres desservies par les réseaux hydroagricoles visés à l'article 1er et tous ceux qui utilisent les eaux d'irrigation ou de drainage pour tout autre usage à caractère économique.

## TITRE II

## DE LA STRUCTURE D'OPERATION

Article 3 : La gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles sont assurés par une structure d'opération, dotée de la personnalité morale et de l'autonomie financière, et formée par l'ensemble des usagers visés à l'article 2.

Les services compétents du Ministère chargé de l'Agriculture apportent à la structure d'opération des appuis en matière de formation et des conseils techniques.

L'Etat assure avec la structure d'opération la surveillance, le contrôle et les mesures nécessaires à la sécurité et à la maintenance des barrages et ouvrages annexes des réseaux hydroagricoles prévus à l'article 8 de la Loi selon les modalités fixées par un Cahier des Charges approuvé par un Arrêté du Ministère de l'Agriculture.

Article 4 :

La structure d'opération est créée à l'initiative des usagers avec l'aval de la Collectivité Décentralisée dont le territoire englobe la totalité des terres desservies par les réseaux hydroagricoles visés à l'article premier.

Si la totalité des terres desservies se trouve dans le territoire de plusieurs Fivondronampokontany, la structure d'opération sera créée au niveau du Fivondronampokontany où réside le plus grand nombre d'usagers, après accord préalable du Président du Comité Exécutif du Faritany concerné

Article 5 : La structure d'opération a notamment pour rôles :

- de gérer l'eau qui coule dans le canal depuis la prise principale jusqu'aux parcelles ;
- de décider l'ouverture d'une nouvelle prise ou en règle générale l'exécution de nouveaux travaux sur les réseaux hydroagricoles sur demande d'un de ses membres selon les procédures fixées dans les statuts et après avis du service compétent du Ministère chargé de l'Agriculture ;
- d'assurer l'exécution des travaux d'entretien des réseaux hydroagricoles par ses membres ou par l'entreprise et de prendre toutes les mesures nécessaires pour la maintenance des réseaux hydroagricoles et pour la sécurité des ouvrages ;
- d'assurer l'application de toutes les réglementations en vigueur (DINA inclus)
- de conclure des marchés sans que ceux-ci aillent à l'encontre des objectifs fixés dans ses statuts

- de contracter des emprunts si besoin est
- d'établir et d'approuver les budgets annuels pour l'entretien des réseaux hydroagricoles et pour son fonctionnement
- de gérer les fonds dont elle dispose

## TITRE III

## DE L'ENTRETIEN

Article 6 : Tous les usagers sont tenus au règlement intégral des frais d'entretien des réseaux hydroagricoles dans les conditions fixées par le présent Décret sauf dérogation expresse de la structure d'opération.

Article 7 : Le montant des frais d'entretien annuels à l'hectare est fixé selon la formule suivante :

$$Fe = K \frac{E}{S}$$

Fe = Frais d'entretien par hectare et par an

K = Coefficient déterminé dans le Cahier des Charges de Prescriptions Générales

E = Coût total annuel de maintenance

S = Superficie desservie par le réseau hydroagricole pendant l'année

Le calcul du coût total annuel de maintenance sera précisé dans le Cahier des Charges de Prescriptions Générales.

Article 8 : Le montant des frais d'entretien dû par un usager ayant utilisé l'eau et l'ayant restituée dans le réseau est fixé par Arrêté du Faritany sur proposition de la structure d'opération, sous réserve que la qualité physico-chimique de l'eau restituée soit égale à celle prélevée.

L'autorisation de prélèvement et de restitution est délivrée par la structure d'opération après accord du service compétent du Ministère chargé de l'Agriculture.

Article 9 : Le reccuvrement des sommes dûes au titre du paiement des frais d'entretien des réseaux hydroagricoles est assuré par la structure d'opération.

L'établissement des documents nécessaires à la collecte de ces frais, la procédure de recouvrement et la détermination de la période de collecte relèvent de la compétence de la structure d'opération.

En cas de non paiement, celle-ci fait appliquer toutes les dispositions prévues dans le DINA visé à l'Article 2 de la Loi.

Article 10 : Les usagers sont tenus de participer aux travaux d'entretien sous forme de journées de travail ou de fourniture de matériaux locaux.

La défaillance à l'exécution de cette participation entraîne l'application du DINA.

## TITRE IV

## DISPOSITIONS DIVERSES

Article 11 : Les modalités d'application technique des dispositions du présent Décret feront l'objet d'un Cahier des Charges de prescriptions générales en langue malagasy que le Ministère chargé de l'Agriculture établira et homologuera par voie d'Arrêté.

Article 12 : A son niveau respectif, chaque structure d'opération prend des dispositions spéciales sous forme de DINA visé à l'article 2 de la Loi, sur la base des dispositions du Cahier des Charges de prescriptions générales.

Article 13 : Le Ministre de la Production Agricole et du Patrimoine Foncier, le Ministre des Finances et du Budget, le Ministre de l'Intérieur, sont chargés, chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent Décret, qui sera publié et communiqué partout où besoin sera.

Fait à Antananarivo, le 19 Décembre 1990

Par le Président de la République
Démocratique de Madagascar
Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement

Didier RATSIRAKA

Le Ministre de la Production Agricole
et du Patrimoine Foncier

Le Colonel Victor RAMAHATRA

Le Ministre des Finances et du Budget

José ANDRIANOELISON

Le Ministre de l'Intérieur

Léon RAJAOBELINA

AMPY Augustin Portos

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana-Fahafahana

MINISTERAN'NY FAMBOLENA
SY NY FANANAN-TANY

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 90 - 642
ampiharana ny Lalàna laharana faha-90-016 tamin'ny 20 Jolay mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano tamin'ny fambolena.

NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FANANAN-TANY

Araka ny Lalampanorenana,
Araka ny Lalàna Laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena,
Araka ny Lalàna Laharana faha 61-034 tamin'ny 15 Novambra 1961 mikasika ny fanatanterahana ny asa nataon'olo-tsotra ho an'ny fampidiran-drano amin'ny tanim-bary ary ny tanim-boly,
Araka ny hitsivolana novan'ny Laharana faha 60-099 tamin'ny 21 Septambra 1960 momba ny tanim-panjakana,
Araka ny hitsivolana Laharana faha 76-044 tamin'ny 27 Desambra 1976 amerana ny fitsipika momba ny fandaminana, ny fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Vondrom-bahoaka Itsin-jaram-pahefana,
Araka ny hitsivolana Laharana faha 60-133 tamin'ny 3 Octobra 1960 mikasika ny fomba ankapoben'ny Fikambanana,
Araka ny hitsivolana Laharana faha 77-039 tamin'ny 29 Jona 1977 mikasika ny Dina mifehy ny Farimbonasa sosialista momba ny famokarana,
Araka ny didim-panjakana Laharana faha 77-037 tamin'ny 16 Februoary 1977 mametra ny fitsipi-pampandehanan-draharaha, ny anjara raharaha ary ny andraikitry ny Vondrom-bahoaka Itsin-jaram-pahefana,

DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO :

## FIZARANA VOALOHANY

## MOMBA NY TAMBA-JOTRA FITARIHAN-DRANO AMIN'NY FAMBOLENA SY IREO MPAMPIASA AZY IREO

Andininy voalohany : Ny atao hoe tamba-jotra momba ny fitarihan-drano amin'ny fambolena fehezin'ity didim-panjakana ity dia ireo asa ary taozavatra amin'ny foto-drafitr'asa mikasika ny fitarihan-

drano amin'ny fambolena mandray anjara amin'ny fanajariana sy ny fanamaintisa-molaly ny tany, toy ny :

- asa voakaly sy asa momba ny fitarihan-drano,
- asa voakaly sy asa momba ny fanamainana ny tany,
- asa voakaly sy asa momba ny fefiloha ary ny lalan-kely mampitohy ny toeram-pamokarana;

<u>Andininy faha-2</u> : Ny atao hoe mpampiasa ny tamba-jotra araka ny voalazan'ny andininy faha-2 ao amin'ny Lalàna dia ireo olona rehetra mamboly ny tany misy ireo tamba-jotran'ny fitarihan-dranc amin'ny fambolena voalaza ao amin'ny andininy voalohany sy ireo olona rehetra mampiasa ny rano ao amin'ny fitarihan-drano na ny fanamainana ny tany na ireo fampiasana hafa rehetra manana endrika toe-karena.

## <u>FIZARANA FAHA II</u>

## <u>NY RAFI-PANDAMINANA AHAZOANA MANATANTERAKA NY ASA</u>

<u>Andininy faha-3</u> : Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa izay mizaka ny zon'ny maha-olona sy mahavita tena ara-bola, izay ahitana ny vondron'ireo mpampiasa tamba-jotra voalaza ao amin'ny andininy faha-2 no niandraikitra ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotran'ny fitarihandrano amin'ny fambolena.

Ny sampandraharaha mahefa ao amin'ny Ministera misahana ny Fambolena dia manampy amin'ny fanofanana sy toro-hevitra teknika.

Iantohan'ny Fanjakana sy ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa ny fiambenana, ny fanaraha-maso ary ny fepetra ilaina amin'ny filaminana sy ny fikojakojana ny fefiloha ary koa ireo asa fanampiny amin'ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena voalaza ao amin'ny andininy faha-8 ao amin'ny Lalàna araka ny fepetra feran'ny Bokin'andraikitra neken'ny didim-pitondrana nataon'ny Ministeran'ny Fambolena.

<u>Andininy faha-4</u> : Ny mpampiasa tamba-jotra omban'ny faneken'ny Vondrom-bahoaka Itsin-jaram-pahefana ahitana ny tany rehetra andalovan'ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena voalaza ao amin'ny andininy voalohany, no manangana ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Raha ao amin'ny faritry ny Fivondronampokontany maromaro ny ankamaroan'ny tany andalovan'ny tamba-jotra, dia hatsangana eo anivon'ny Fivondronampokontany izay ahitana mpampiasa tamba-jotra be indrindra ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, izay nahazoana alalana mialoha avy amin'ny Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany voakasika.

Andininy faha-5 : Ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia manana andraikitra indrindra amin'ny :

- itantanana ny rano mikoriana ao amin'ny lakan-drano manomboka any amin'ny vavarano ka hatramin'ny toriny ;
- maka fanampahan-kevitra ny amin'ny fanokafana vava-rano vaovao na ny amin'ny ankapobeny ny fanaovana asa vaovao amin'ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena noho ny fangatahana avy amin'ny mpikambana iray araka ny fombafomba voafetry ny fitsipi-pitantanana ary nahazoana hevitra avy amin'ny sampandraharaha mahefa ao amin'ny Minisitera misahana ny Fambolena ;
- miantoka ny fanatanterahan'ny mpikambana na ny orin'asa ny asam-pikojakojana ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena, ary mandray ny fepetra ilaina rehetra amin'ny fitandroana ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena sy ho fiarovana ny sahan'asa ;
- miantoka ny fampiharana ireo lalàna manankery rehetra (anisan'izany ny DINA) ;
- manao fifanarahām-barotra izay tsy mifanohitra amin'ny tanjona voafaritra ao amin'ny fitsipi-pitantanana ;
- manao fisamboran-bola raha toa ka ilaina izany ;
- manao sy manaiky ny teti-bola isan-taona ho amin'ny fikojakojana sy ny fandehanan'ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena ;
- mitantana ny tahiry eo am-pelatanany.

FIZARANA FAHA III

NY FIKOJAKOJANA

Andininy faha-6 : Ny mpampiasa tamba-jotra dia tsy maintsy mandoa manontolo ny sara-pikojakojana ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena araka ny fepetra voasoritr'ity didim-panjakana ity, raha tsy ohatra ka misy fanomezan-dalana manokana avy amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Andininy faha-7 : Ny teti-bidin'ny sara-pikojakojana isan-taona isaky ny hektara dia voafetra araka ny raiki-pohy manaraka izao :

$$Fe = K \frac{E}{S}$$

Fe = Saram-pikojakojana isaky ny hektara ary isan-taona

K = Lanjan'isa ferana araka ny Bokin'andraikitra mahafaobe

E = Totalim-bidy isan-taona mikasika ny fikojakojana

S = Velaran-tany ifamoivoizan'ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena mandritry ny taona.

Andininy faha-8 : Ny teti-bidin'ny sara-pikojakojana aloan'ny mpampiasa ny tamba-jotra izay nampiasa ny rano sy namerina azy ao amin'ny tamba-jotra dia voafaritry ny didim-pitondrana navoakan'ny Faritany izay natolotry ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, raha tsy ohatra ka mitovy amin'ny rano nalaina ny fatra fizika sy simika ny rano naverina.

Ny fahazoan-dalana haka na hamerina rano dia omen'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa rehefa neken'ny sampandraharaha mahefa ao amin'ny Minisitera misahana ny Fambolena.

Andininy faha-9 : Ny fitakiana ny vola saram-pikojakojana ny tamba-jotran'ny fitarihan-drano amin'ny fambolena dia andraiketan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatamteraka ny asa.

Ny fanaovana ny an-tontan-taratasy ilaina amin'ny fanangonana ireo saram-pikojakojana ireo, ny fombafomba fitakiana sy ny famaritana ny fotoam-panangonana ny vola dia andraikitry ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Raha misy tsy fandoavana ny vola saram-pikojakojana dia ampiarina ny fepetra rehetra voalaza ao amin'ny DINA voasoritra ao amin'ny andininy faha-2 ao amin'ny Lalàna.

Andininy faha-10 : Ny mpampiasa ny tamba-jotra dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny asam-pikojakojana amin'ny alalan'ny asa isan'andro na amin'ny fanomezana kojakoja.

Ny tsy fanatanterahana izany fandraisana anjara izany dia mitarika ny fampiharana ny DINA.

## FIZARANA FAHA IV

## FEPETRA SAMIHAFA

Andininy faha-11 : Ireo fombafomba fampiharana ny momba ny teknikan'ireo fepetra voalazan'izao didim-panjakana izao dia anaovana Bokin'andraikitra mahafaobe iray ami'ny teny malagasy izay ataon'ny Ministera misahana ny Fambolena ary ankatoavana araka ny didim-pitondrana izay.

Andininy faha-12 : Isaky ny ambaratonga misy azy avy ny Rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa tsirairay avy dia afaka mandray fepetra manokana amin'ny alalan'ny DINA voasoritra ao amin'ny andininy faha-2 ao amin'ny Lalàna, ka miainga avy amin'ireo fepetra voalaza ao amin'ny Bokin'andraikitra mahafaobe ny anaovana izany.

<u>Andininy faha-13</u> : Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fananan-tany ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, ny Minisitry ny Ati-tany, no miandraikitra araka ny tandrify azy avy , fanatanterahana izao didim-panjankana izao, izay havoaka ; hampalalaina na aiza na aiza ilana izany.

Natao tao Antananarivo, ny 19 Desambra 1990

Avy amin'ny Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy,

Didier RATSIRAKA

Ny Praiminisitra sady Lehiben'ny Governemanta,

Ny Kolonely RAMAHATRA Victor

Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fananan-tany

ANDRIANOELISON José

Ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, Mp.To.

Jean ROBIARIVONY

Ny Minisitry ny Ati-tany

AMPY Augustin Portos

# CAHIER DES CHARGES DE PRESCRIPTIONS GENERALES

Article premier : Le présent cahier des Charges est établi en application technique des dispositions de l'Article 11 du Décret N° 90-642 du 19 Décembre 1990 portant application de la Loi N°90-016 du 20 Juillet 1990 réglementant la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles.

Article 2 :

- Le présent cahier des charges définit les rôles et les attributions de chacun des intervenants en matière de gestion, entretien et police des réseaux hydroagricoles.

- Les réseaux hydroagricoles se répartissent en trois groupes :

    . réseaux des Grands Périmètres Irrigués
    . réseaux des Petits Périmètres Irrigués
    . réseaux des Micro-Périmètres Irrigués

- Un Arrêté du Ministère chargé de l'Agriculture établira la liste des Grands Périmètres Irrigués et des Petits Périmètres Irrigués.

- Des cahiers des charges de prescriptions spéciales seront établis pour chaque groupe de périmètres.

## TITRE I

## DE LA COLLECTIVITE DECENTRALISEE

Article 3 : La Collectivité Décentralisée définie à l'Article 4 du Décret N° 90.0642 du 19 Décembre 1990 est chargée de :

- contrôler la régularité des procédures comptables de la structure d'opération

- concilier les usagers en cas de différends non réglés par la structure d'opération

- faire appliquer les dispositions prévues au DINA, à la demande de la structure d'opération

- d'appuyer la structure d'opération pour la sensibilisation des usagers au maintien du bon fonctionnement du réseau hydroagricole.

## TITRE II

## DE LA STRUCTURE D'OPERATION

Article 4 : La structure d'opération est l'interlocuteur privilégié de l'Administration et des Collectivités Décentralisées pour tout ce qui relève de la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles.

Article 5 : La structure d'opération est le gérant des réseaux hydroagricoles qui appartiennent au Domaine Public, de ce fait elle doit respecter et appliquer les textes régissant la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles. Elle s'engage vis-à-vis de l'Etat à assurer la bonne conservation des infrastructures hydroagricoles qui lui sont confiées.

## TITRE III

## DES USAGERS

Article 6 : Les usagers doivent connaître les textes réglementant la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles.

Article 7 : Les usagers sont tenus de suivre les décisions de la structure d'opération.

Article 8 : Les usagers participent aux travaux d'entretien des réseaux.

Les opérations d'entretien sont réalisées en commun par l'ensemble des usagers.

Article 9 : La quote-part de chacun des usagers par rapport à l'ensemble du travail est déterminée par l'organe exécutif de la structure d'opération.

Cette quote-part est réalisée soit en journées de travail, soit par la fourniture de matériaux, soit par le versement de contre-valeur permettant de rémunérer les usagers qui, en plus de leur part, exécuteraient celle des autres, ou des travailleurs salariés spécialement recrutés à cet effet.

Article 10 : Les usagers doivent payer intégralement les frais d'entretien des réseaux hydroagricoles définis à l'Article 7 du Décret N° 90-642 du 19 Décembre 1990 dans les conditions fixées par la structure d'opération.

Article 11 : Les usagers sont tenus de respecter les tours d'eau et les règlements en matière de police des réseaux hydroagricoles.

Article 12 : Dans le cas de réhabilitation de réseaux, les usagers approuvent le plan de réhabilitation et s'engagent à verser le montant total des frais d'entretien annuels avant la réception définitive des travaux.

Article 13 : Les usagers sont tenus d'accepter que les infrastructures nécessaires à la bonne gestion des réseaux hydroagricoles soient construites sur leur parcelle dans l'intérêt commun. Mais ils doivent en être dédommagés selon la règlementation en vigueur.

Article 14 : Les usagers ne doivent pas s'opposer au passage de l'eau destinée à l'irrigation des parcelles.

Ils ne doivent pas débiter arbitrairement leur surplus d'eau sur les parcelles des autres usagers.

Article 15 : En cas de litige entre des usagers concernant l'irrigation ou le drainage, les intéressés doivent chercher à régler ce litige à l'amiable. Si cet accord à l'amiable s'avère impossible, il est interdit aux parties en cause de porter directement leur affaire devant les tribunaux. Elles doivent demander préalablement l'arbitrage de la structure d'opération dont elles relèvent. Si la sentence d'arbitrage rendue par la structure d'opération ne met pas les parties d'accord, le litige doit être porté devant la Collectivité Décentralisée dont relève la structure d'opération.

Ce n'est que si l'une des parties refuse d'exécuter la décision prise par la Collectivité Décentralisée que l'affaire doit être portée devant le tribunal civil.

## TITRE IV

## DU SERVICE TECHNIQUE

Article 16 : Le Service Technique joue le rôle de Conseiller Technique de la structure d'opération.

Le Service Technique

- appuie la structure d'opération pour la prise en charge progressive de ses activités, notamment la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles

- appuie la structure d'opération dans l'établissement du projet de budget d'entretien des réseaux hydroagricoles

- fait connaître aux usagers le contenu des textes règlementant la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles.

# TITRE V

## DES FRAIS D'ENTRETIEN

Article 17 : Conformément aux dispositions de l'Article 7 du Décret N° 90-642 du 19 Décembre 1990 , le montant des frais d'entretien annuels à l'hectare est fixé selon la formule suivante :

$$Fe = K \frac{E}{S}$$

Fe = Frais d'entretien par hectare et par an

K = Coefficient déterminé dans le présent Cahier des Charges

E = Coût total annuel de maintenance

S = Superficie desservie par le réseau hydroagricole pendant l'année

Le coût total annuel de maintenance est calculé à partir :

- du montant des frais et des provisions annuels pour la maintenance du réseau hydroagricole
- du montant des primes annuelles d'assurances
- du montant des remboursements annuels des emprunts

Article 18 : Le montant des frais d'entretien annuels dû par un usager est fixé selon la formule suivante :

$$F = (Fe)\ s$$

Fe = Frais d'entretien par hectare et par an

s = Superficie redevable de l'usager.

Article 19 : La liste des parcelles non redevables est déterminée chaque année par une commission composée de représentants :

- de la structure d'opération
- du Service Technique
- de la Collectivité Décentralisée ayant avalisé la création de la structure d'opération

Article 20 : Le coefficient K peut varier entre 0,25 et 1.

La valeur de ce coefficient sera fixée dans les cahiers des charges de prescriptions spéciales prévus à l'Article 2 du présent cahier des charges.

## TITRE VI

## DU DINA

Article 21 : Le DINA prévu à l'Article 12 du Décret N° 90-642 du 19 Décembre 1990 doit contenir les dispositions concernant les points suivants :

- infractions en matière de police des réseaux hydroagricoles
- non paiement des frais d'entretien dûs par un usager dans les conditions fixées par la structure d'opération
- non participation d'un usager aux travaux d'entretien
- non respect des règles de distribution de l'eau
- défaillance des responsables de la structure d'opération
- les modalités d'application du DINA.

Ces dispositions ne doivent en aucun cas être des sanctions pénales.

Article 22 : Les DINA sont élaborés, adoptés et publiés par la structure d'opération selon la procédure suivante :

- élaboration par la structure d'opération
- adoption par l'Assemblée Générale des membres de la Structure d'Opération à la majorité simple
- dépôt à la Collectivité Décentralisée ayant avalisé la création de la structure d'opération qui en délivre récépissé
- transmission au tribunal de Première Instance par la Collectivité Décentralisée ayant avalisé la création de la structure d'opération
- homologation par le tribunal de Première Instance

Article 23 : Lors de l'application du DINA, au cas où un usager refuse la décision prise par la structure d'opération, celle-ci demande l'intervention de la Collectivité Décentralisée ayant avalisé la création de la structure d'opération. Si l'usager refuse de se soumettre à l'autorité de la Collectivité Décentralisée ayant avalisé la création de la structure d'opération, le Président de l'Organe Exécutif de la structure d'opération porte l'affaire devant le tribunal compétent.

## TITRE VII

## DES RELATIONS ENTRE LES UTILISATEURS DE DEUX OU PLUSIEURS PERIMETRES UTILISANT LE MEME COURS D'EAU

Article 24 : Des réunions entre les organes exécutifs des structures d'opération des périmètres concernés devront avoir lieu afin d'élaborer la distribution d'eau entre eux.

Quand les débits tendent à diminuer, ces organes exécutifs devront se mettre d'accord sur le système de partage entre les périmètres pour la meilleure répartition de l'eau disponible.

## TITRE VIII

## DISPOSITIONS DIVERSES

Article 25 : Le présent Cahier des Charges de Prescriptions Générales est exempté de droit de timbres et d'enregistrement.

BOKIN'ANDRAIKITRA MAHAFAOBE

Andininy voalohany : Ity bokin'andraikitra ity dia natao ho fampiharana ny momba ny teknika izay voalaza ao amin'ny Andininy faha 12 amin'ny didim-panjakana laharana faha 90.642 tamin'ny 19 Desambra 1990 ampiharana ny Lalàna Laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 manisy fitsipika momba ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Andininy faha 2 : Mamaritra ny asa sy ny andraikitry ny olona tsirairay voakasika amin'ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena ity bokin'andraikitra ity.

Mitsinjara sokajy telo ny tambajotra fitarihan-drano amin'ny fambolena :

- Tamba-jotran'ny vakiparitra lehibe
- Tamba-jotran'ny vakiparitra madinika
- Tamba-jotran'ny vakiparitra tena madinika

Didim-pitondrana ataon'ny Minisitera miandraikitra ny fambolena no mametra ny lisitry ny vakiparitra lehibe sy ny vakiparitra madinika.

Bokin'andraikitra manokana no atao amaritana ny sokajy tsirairay ao amin'ny faritra.

## LOHATENY VOALOHANY

## VONDROM-BAHOAKA ITSINJARAM-PAHEFANA

Andininy faha 3 : Andraikitry ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voalazan'ny Andininy faha 4 ao amin'ny Didim-panjakana Laharana faha 90.642 tamin'ny 19 Desambra 1990 tamin'ny :

- manara-maso ny fahamarinan'ny fandeham-bolan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa

- manao ny fampihavanana ny Mpampiasa ny tamba-jotra raha ohatra nisy fifanolanana izay tsy voalamin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa

- mampihatra ny sazy voalazan'ny DINA araka ny fangatahan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa

- manampy ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa amin'ny fanentanana ny mpampiasa ny tamba-jotra momba ny fampandehanana tsara ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

## LOHATENY FAHAROA

## NY RAFI-PANDAMINANA AHAZOANA MANATANTERAKA NY ASA

Andininy faha 4 : Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no afaka mifampiresaka amin'ny fitondrana sy y Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana momba izay rehetra mikasika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny Fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Andininy faha 5 : Ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no mitantana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena izay tafiditra ao amin'ny Tanim-panjakana, noho izany dia tsy maintsy manaja sy mampihatra ny Lalàna mifehy ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena izy, ary manome toky ny Fanjakana fa hiantoka ny fitandroana ny foto-drafitr'asa momba ny fitarihan-drano amin'ny fambolena izay nankinina taminy.

## LOHATENY FAHATELO

## NY MPAMPIASA NY TAMBA-JOTRA

Andininy faha 6 : Tsy maintsy mahafantatra ny Lalàna ny fitantanana ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra amin'ny fambolena ny mpampiasa ny tamba-jotra.

Andininy faha 7 : Tsy maintsy manaraka ny fanapahan-kevitry ny rafi-pandaminana ahazoana manantanteraka ny asa ny mpampiasa ny tamba-jotra.

Andininy faha 8 : Mandray anjara amin'ny asa fikojakojana ny tamba-jotra ny mpampiasa azy.

Iarahan'ny mpampiasa manatontosa ny asa fikojakojana ny tamba-jotra.

Andininy faha 9 : Ny rantsana mpanatanteraka ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa no mitsinjara ny fandraisana anjaran'ny Mpampiasa tsirairay avy amin'ny apahan'ny asa ankapobe.

Ny fandraisana anjaran'ny tsirairay avy dia ho tontosaina, na amin'ny alalan'ny fanaovana asa isan'andro, na fanomezana fitaovana ho an'ny asa atao, na fanomezana takalom-bola ahazoana manakarama ireo mpampiasa tamba-jotra izay manatanteraka ny an'ny hafa, ankoatry ny anjarany, na olona hafa izay karamaina manokana hanao izany.

Andininy faha 10 : Tsy maintsy aloan'ny mpampiasa tamba-jotra manontolo ny saram-pikojakojana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena voalazan'ny Andininy faha 7 ao amin'ny Didim-panjakana Laharana faha 90-642 tamin'ny 19 Desambra 1990 araka ny fepetra noferan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Andininy faha 11 : Tsy maintsy manaja ny anjarany amin'ny fahazoan-drano sy ny fitsipika momba ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano ny mpampiasa tamba-jotra.

Andininy faha 12 : Raha misy fanarenana tamba-jotra, dia manaiky ny drafitra momba io ny mpampiasa tamba-jotra ary manaiky ny handoa ny totalin'ny sara-pikojakojana isan-taona mialohan'ny fandraisana tanteraka ny asa.

Andininy faha 13 : Ny mpampiasa tamba-jotra dia tsy maintsy manaiky ny fananganana drafitr'asa amin'ny sombin-taniny mba ho tombotsoan'ny besinimaro.

Nefa, dia homena onitra mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery izy amin'izany.

Andininy faha 14 : Tsy tokony handà ny fandalovan'ny rano natokana ho fanondrahana ny sombin-tany ny mpampiasa tamba-jotra.

Tsy tokony handefa tsy nisy fierana ny ambin-dranony eny amin'ny sombin-tanin'ny mpampiasa tamba-jotra hafa izy.

Andininy faha 15 : Raha misy fifanolonana eo amin'ny mpampiasa tamba-jotra momba ny fanondrahana na fitatarana, dia tokony hanao raharaham-pihavanana ry zareo amin'ny famahana ny olana. Raha tsy mety voavaha ny olana dia tsy azon'ny mpifanolana atao ny mitondra avy hatrany ny raharaha eny amin'ny Fitsarana. Tokony hangataka mialoha ny fitsaran'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa misy azy izy. Raha mbola tsy mifanaraka ny mpifanolana aorian'ny fanapahan-kevitry ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa dia tsy maintsy atolotra ny Vondrom-bahoaka

Itsinjaram-pahefana misy azy ny olana.

Raha ohatra tsy eken'ny andaniny ny hanatanteraka ny fanapahan-kevitry ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana vao ampakarina eny amin'ny fitsarana momba ny ady madio ny raharaha.

## LOHATENY FAHA IV

## Tamin'ny SERVICE TECHNIQUE

Andininy faha 16 : Ny sampan-draharaha teknika no Mpanolo-tsaina Teknikan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

Ny Sampan-draharaha Teknika dia :

- manampy ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa amin'ny fandraisany an-tanana miandàlana ny andraikiny, indrindra indrindra ny fitantanana ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.
- manampy ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa amin'ny fanaovana volavola teti-bola fikojakojana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.
- mampahafantatra ny mpampiasa tamba-jotra ny votoatin'ny lalàna manisy fitsipika ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

## LOHATENY FAHA V

## FANDRAISAN'NY MPAMBOLY ANJARA AMIN'NY SARAM-PIKOJAKOJANA

Andininy faha 17 : Araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Andininy faha 8 tamin'ny Didim-panjakana Laharana faha 90-642 tamin'ny 19 Desambra 1990, dia ferana araka ny raikipohy manaraka ny tetibidin'ny saram-pikojakojana isan-taona :

$$Fe = K \frac{E}{S}$$

Fe = Saram-pikojakojana isaky ny hekitara isan-taona.

K = Lanjan'isa voasoritra ao anatin'ny Bokin'andraikitra.

E = Vidin'ny fikojakojana ny tamba-jotra isan-taona.

S = Velaran-tany ifamoivoizan'ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena mandritry ny taona.

Ny vidin'ny fikojakojana ny tamba-jotra isan-taona dia nokajiana avy amin'ny :

- tetibidin'ny saram-pikojakojana ny tamba-jotra fitarihan-drano sy ny vatsy ilaina isan-taona.
- tetibidin'ny saran-piantonana isan-taona.
- tetibidin'ny vola nozamborina isan-taona.

Andininy faha 18 : Ny tetibidin'ny saram-pikojakojana aloan'ny mpampiasa tamba-jotra isan-taona dia ferana araka ny raikipohy manaraka izao :

F = (Fe) s

Fe = Saram-pikojkojana isaky ny hekitara isan-taona

s = Velaran-tany andoavan'ny mpampiasa tamban-jotra sarany.

Andininy faha 19 : Ny lisitry ny sombin-tany tsy andoavana sarany dia ferana komisiona iray isan-taona izay ahitana solontenan'ny :

- rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa
- sampan-draharaha teknika
- Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana tompon'andraikitra.

Andininy faha 20 : Ny lanjan'isa K dia mety miova hatramin'ny 0,25 ka hatramin'ny 1.

Ny sandan'io lanjan'isa io dia ho ferana ao anatin'ny bokin'andraikitra manokana voalaza ao amin'ny andininy faha-2 n'ity bokin'andraikitra ity.

## LOHATENY FAHA VI

## NY DINA

Andininy faha 21 : Ny DINA voalaza ao amin'ny Andininy faha 12 amin'ny Didim-panjakana laharana faha 90-642 tamin'ny 19 Desambra 1990 dia tsy maintsy mirakitra ny fepetra mikasika ireto toe-javatra ireto :

- tsy fanarahan-dalàna mikasika ny fitandremana ny tamba-jotra
- tsy fandoavana ny saram-pikojakojana aloan'ny mpampiasa tamba-jotra araka ny fepetra takian'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa
- tsy fandraisana anjaran'ny mpampiasa tamba-jotra amin'ny

- tsy fankatoavana ny lalàna mifehy ny fitsarana ny rano.

- tsy fisian'ny tompon'andraikitra ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa

- ny fomba fampiharana ny DINA.

Ireto fepetra ireo na toy inona na toy inona dia tsy misy sazy fanamelohana.

<u>Andininy faha 22</u> : Ny DINA dia volavolaina, ankatoavina ary ampahalalan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa araka izao paika manaraka izao :

- volavolain'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa.

- lanian'ny fivoriam-ben'ny mpikambana ao amin'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa amin'ny salanisa tsotra.

- apetraka ao amin'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana hanome ny fankatoavana ny fitsanganan'ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, izay manome tapakila.

- alefan'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voalaza etsy ambony any amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany.

- fankatoavan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany.

<u>Andininy faha 23</u> : Eo amin'ny fampiharana ny DINA, raha toa ka misy mpampiasa tamba-jotra mandà ny fanapahan-kevitry ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa, dia ity farany ity no mangataka ny firotsahan'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voalaza ery ambony. Raha toa ka tsy manaiky ny fanapahan'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ny Mpampiasa tamba-jotra, dia entin'ny Filohan'ny rantsana mpanatanteraky ny rafi-pandaminana ahazoana manatanteraka ny asa eo amin'ny Fitsarana mahefa ny raharaha.

## LOHATENY FAHA VII

## FIFANDRAISAN'NY MPAMPIASA VAKI-PARITRA ROA NA MAROMARO AMIN'NY RANO MANDEHA IRAY

Andininy faha 24 : Tokony hisy fivoriana eo amin'ny rantsana mpanatanteraka sy ny rafi-pandaminana ahazaoana manatanteraka ny asa, eo amin'ny vaki-paritra voakasika mba ho fandaminana ny fizaran-drano.

Raha mitady hihena ny fandehan'ny rano dia tokony hifanaraka ireo rantsana mpanatanteraka ireo ny amin'ny fomba hitsinjarana ho tsaratsara kokoa ny rano sisa.

## LOHATENY FAHA VIII

## FEPETRA SAMIHAFA

Andininy faha 25 : Tsy andoavana hajia sy saram-piandraiketana izao bokin'andraikitra mahafaobe izao.

Natao tao Antananarivo, ny

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana-Fahafahana

---

MINISTERE DE LA PRODUCTION AGRICOLE
ET DU PATRIMOINE FONCIER

---

**ARRETE N° 0290/91**
portant établissement et approbation du Cahier des Charges de prescriptions Générales-type, relatif à la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles

---

LE MINISTRE DE LA PRODUCTION AGRICOLE ET DU PATRIMOINE FONCIER,

Vu la Constitution,
Vu la Loi N°90-016 du 20 Juillet 1990 relative à la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles,
Vu le décret N°90-642 du 19 Décembre 1990 portant application de la loi n°90-016 du 20 Juillet 1990 relative à la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles,
Vu l'Ordonnance N°76-044 du 27 décembre 1976 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des Collectivités Décentralisees,
Vu le Decret N°77-037 du 16 Février 1977 fixant les règles de fonctionnement administratif, les attributions et les responsabilités des Collectivités Décentralisées,
Vu l'Ordonnance N°60-133 du 3 Octobre 1960 portant régime général des Associations,
Vu l'Ordonnance N°77-039 du 29 Juin 1977 portant Charte des Coopératives Socialistes de Production,

A R R E T E :

<u>Article premier</u> : Est approuvé le Cahier des Charges de prescriptions générales - type, annexé au présent arrêté, relatif à la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroacricoles.

<u>Article 2</u> : Les cahiers des charges de prescriptions générales relatif à la gestion, l'entretien et la police des réseaux hydroagricoles doivent être établis conformément aux dispositions du cahier des charges de prescriptions générales-type suscité.

<u>Article 3</u> : Le présent arrêté sera enregistré, publié et communiqué partout où besoin sera.

Fait à Antananarivo, le 18 Janvier 1991

REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
Tanindrazana-Tolom-piavotana-Fahafahana

MINISTERE DE LA PRODUCTION AGRICOLE
ET DU PATRIMOINE FONCIER

DIDIM-PITONDRANA Laharana FAHA-0290/91 ananganana sy anekena ny Bokin'Andraikitra mahafaobe-lasitra, momba ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

NY MINISTRY NY FAMBOLENA SY NY FANANAN-TANY,

Araka ny Lalampanorenana,
Araka ny Lalàna Laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 momba ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena,
Araka ny didim-panjakana Laharana faha 90-642 tamin'ny 19 Desambra 1990 fampiharana ny lalàna laharana faha 90-016 tamin'ny 20 Jolay 1990 momba ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena,
Araka ny hitsivolana Laharana faha 76-044 tamin'ny 27 Desambra 1976 manisy fitsipika momba ny fandaminana, ny fampandehanan-draharaha ary ny andraikitry ny Vondrom-bahoaka Itsin-jaram-pahefana,
Araka ny didim-panjakana Laharana faha 77-037 tamin'ny 16 Febroary 1977 manisy fitsipika ny fampandehanan-draharaha-panjakana, ny anjara raharaha ary ny andraikitry ny Vondrom-bahoaka Itsin-jaram-pahefana,
Araka ny hitsivolana Laharana faha 60-133 tamin'ny 3 Oktobra 1960 momba ny fombafomba ankapobe ny Fikambanana,
Araka ny hitsivolana Laharana faha 77-039 tamin'ny 29 Jona 1977 anaovana ny Fototra iorenan'ny farimbona sosialista momba ny famokarana,

DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO :

Andininy voalohany : Ekena ny Bokin'Andraikitra Mahafaobe-lasitra, atovana amin'ity didim-pitondrana ity, momba ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena.

Andininy faha-2 : Ny Bokin'Andraikitra Mahafaobe momba ny fitantanana, ny fikojakojana ary ny fitandremana ny tamba-jotra fitarihan-drano amin'ny fambolena dia tsy maintsy atao mifanaraka amin'ny bokin'andraikitra mahafaobe-lasitra voalaza etsy ambony.

Andininy faha-3 : Ho raiketina ao amin'ny Gazetim-panjakana, havoaka ary hampahalalaina na aiza na aiza ilàna azy izao didim-pitondrana izao.

Natao tao Antananarivo, ny 18 Janoary 1991

ANDRIANOELISON José